

MILAZA ZAVATRA AN-TANAN-TOHOTRA MAMPIASA "then"

Anisan'ny sehatra mahazatra habitana ny "then" ny fampiasana azy entina milaza asa na tranga mifanasy na manao an-tanan-tohotra; na dia misy ihany koa aza ireo sehatra hafa hampiasana azy. Azo adika amin'ny teny Malagasy hoe "avy eo" ny "then". Amin'ny teny Malagasy mahazatra dia afaka misolo ny hoe "dia" entina mitanisa asa na tranga izy; tahaka ny hita amin'ny hoe "Velomiko ny afo, dia andrahoiko ny sakafo." na "Mifoaha izy, dia miborosy nify."

Examples:

- I light the fire, then I cook the breakfast. / Velomiko ny afo, dia andrahoiko ny sakafo maraina.
- He gets up, then he brushes his teeth. / Mifoaha izy, avy eo miborosy nify.
- You cut the carrots into small pieces, then you put them in the bowl. / Tetehinao madinika ny karaoty, avy eo arotsakao ao anatin'ny lovia jobo.
- Heat some oil in a pan, then add some chopped garlic and some salt. / Mamanà menaka, avy eo mandrotsaha tongolo gasy voatetika madinika sy sira.
- She does the cleaning at home, then she waters the flowers. / Manao ny asa fanadiovana ao an-trano izy, avy eo manondraka voninkazo.
- I watch TV in the living room, then I go to bed at 9 o'clock. / Mijery tele ao amin'ny salon aho, avy eo matory amin'ny 9.
- Keep going straight, then turn left and you will get to the movie theater. / Mandehana mahitsy foana, avy eo miviliana miankavia dia tonga eo amin'ny sinema ianao.

Remarks / Fanamarihana

Azo ampiasaina entina milaza voka-javatra ihany koa ny "then" amin'ny lafiny sasany, tahaka ny fampiasana ny "so" izay hita tany aloha.

- Take a look at the pond, then you will see many fishes. / Topazy maso ao anaty dobo, dia hahita trondro be dia be ianao.

light: mandrehitra

fire: afo

cook: mahandro

breakfast: sakafo maraina

get up: mifoaha

brush: miborosy

teeth (pl tooth): nify

cut: manapaka, mitetika

carrot: karaoty

put: mametraka

bowl: lovia jobo, koveta

heat: mamàna

oil: menaka

pan: lapoaly

add: manampy, manisy

chopped: voatetika madinika

garlic: tongolo gasy

salt: sira

do (v do): manao

cleaning: fanadiovana

at home: ao an-trano

water: manondraka, rano

flower: voninkazo

watch: mijery

living room: efitra fandraisam-bahiny

go to bed: mandeha matory

keep going: manohy mandeha

straight: mahitsy

turn: mivily

left: an-kavia

get: mahazo, tonga

movie theater: toeram-pijerena sinema

- If we cannot park near the office, then you will have to join us at the bus station. / Raha tsy azo ijanonan'ny fiara eo akaikin'ny birao, dia tsy maintsy manatona anay ety amin'ny fiantsonan'ny fiara ianao.
- Make me a big cake, then I will come to your house. / Anaovy mofo mamy be aho, dia ho tonga any aminao.

take a look at: mijery, manopy maso

pond: dobo

see: mahita

many: be dia be

fish: trondro

cannot: tsy afaka

park: miantsona

near: akaiky

office: birao

will have to: tokony, tsy maintsy

join: mamonjy, manatona

make: manamboatra

big: lehibe

cake: mofomamy

come: mankany, avy

house: trano